A Iza moa Andriamanitra?

- **Namorona antsika Izy.**
  - Niaraka nandray anjara tamin'ny Famoronana Andriamanitra telo izay iray (Genesisy 1:1; Isaia 45:11-12; Jaona 1:3), ary Jesosy no tena antony.
  - Izy no namorona ireo harena rehetra eto an-tany mba hifaliantsika (Genesisy 1:28-29; 2:8-13), na dia taorian'ny nidiran'ny ota teto an-tany aza (Deotoronomia 26:15). Kanefa, isika no nanimba ireo (Mpitoriteny 7:29; 1 Tantara 29:14).
- **Tonga olombelona Izy.**
  - Nosaronan'Andriamanitra ny maha-olombelona ny maha-Andriamanitra Azy tao amin'ny personan'ny Zanaka–Jesosy. Izany no ohatra lehibe indrindra amin'ny fitiavan'Andriamanitra.
  - Nataon'Andriamanitra ny zavatra rehetra azo atao mba hanampiana antsika hahatakatra ny fikarakarany sy ny fitiavany antsika.
  - Nefa, manome safidy malalaka ho antsika Izy na hiaina hiaraka Aminy isika na hamela ny fitiavana ny zavatra materialy hanasaraka antsika Aminy toy izay nataon'ilay tovolahy mpanankarena (Mat. 19:16-22).
- **Nanavotra antsika Izy.**
  - Naka izay tsy tokony ho antsika isika –ny hazo fahalalana ny ratsy sy ny tsara–, koa nampidi-trosa izay tsy ho voalohantsika ho an'ny tenantsika isika (Salamo 49:7-8).
  - Tanterak'i Jesosy ny iraka nanirahana Azy tamin'ny nahafatesany teo amin'ny hazo fijaliana. Voaloha avokoa ny trosantsika. Tanteraka ny fahamarinana takian'Andriamanitra, ary miandry ny valiny izay asetritsika ny fanoloran-tena nataony Izy.

B Manompo an'Andriamanitra.

- “Andriamanitra tsy mba olona.” (Nom. 23:19). Tsy ho takatsika velively ny toetrany sy ny fiheviny (Isa. 55:9). Izy no Mpamorona ary isika no voariny (Salamo 100:3). Izy dia “Andriamanitra saro-piaro.” (Deot. 4:24) ary tsy mandefitra amin'ny mpifaninana Aminy Izy.
- Tsy mitady fo mizarazara na sombiny fotsiny Izy. Valiny vokatry ny fitiavana sy fileferana tanteraka no tadiaviny, fa tsy mety Aminy ny latsak'izany.

D Manompo vola.

- Mialohan'ny hanoloranao tena ho an'ny fanananao, anontanio aloha ny tenanao hoe: Tena ahy tokoa ve izy ireo? (Deotoronomia 10:14; Salamo 50:10; Ezekiela 18:4; Hagay 2:8)
- Tsy manana na inona na inona isika, na dia ny tenantsika aza (1Kor. 6:20). Inona no azontsika atao hialana amin'ny fitiavana harena toy izay tokony hitiavantsika an'Andriamanitra?